ECOLE de Citoyenneté

Dinidinika ifanabeazana momba :

# NY MAHA-OLOMPIRENENA



O.N.G. Lalana irery ihany no tompon'andraikitra amin'izay voasoratra ato.

*''Ce document a été réaisé avec l'aide financière de l'Union Européenne.
Le contennu de ce document relève de la seule responsabilité de l'O.N.G. Lalana
et ne peut en aucun cas être considéré comme reflétant la position de
l'Union Européenne.''*

## Dinidinika ifanabeazana: NY MAHA OLOMPIRENENA

Mikendry ny fanabeazana ny olompirenena ny tetikasa “Ecole de Citoyenneté” izay tantanin’ny ONG Lalana ary vatsin’ny Vondrona Eorôpeanina vola. Anisan’ny lohahevitra amin’ny Fanabeazana ny olompirenena ny Maha Olompirenena. Hotrandrahina amin’ity tahirin-kevitra ity àry:

- Dinidinika 1: ny Maha Olompirenena,
- Dinidinika 2: ny zo sy ny adidy ary ny andraikitry ny olompirenena,
- Dinidinika 3: ny Maha Olompirenena tompon’andraikitra,
- Dinidinika 4: ny olompirenena mirotsaka an-tsehatra sy mikatroka,
- Dinidinika 5: ireo andraikitry ny olom-boafidy sy olom-boatendry, ary
- Dinidinika 6: ny endri-pifandraisana mavitrika eo amin’ny olompirenena sy ny mpitondra.

Ho hita ato koa ny famintinana maneho ireo dingana arahina amin’ny fandrafetana sy fanatanterahana tetikasa madinika. Endrika iray amin’ny fampiharana ny fanabeazana ny olompirenena ny fanatontosana ny tetikasa madinika satria sady mampivelatra ny Maha Olompirenena izany no mitondra fandrosoana maharitra.

Miendrika dinidinika ny fanolorana ny Fanabeazana. Anjaran’ireo solontenan’ny vondron’olompirenena sy ny mpitondra, izay hampita ny dinidinika, ny mandrindra ny fomba fampitana mba hifanaraka amin’ny filana sy ny maha izy ireo olompirenena hifampidinidinika. Afaka mandalina ny taridalana amin’ny fampitana ny dinidinika voalaza ato amin’ity boky kely ity koa izy ireo.

Andraikitr’izy ireo araka izany ny mampita ny dinidinika amin’ny olompirenena iarahamonina ao amin’ny tanàna, ny Fokontany ary ny Kaominina. Sahia àry manatontosa andraikitra!

## Dinidinika 1 : Ny Maha Olompirenena

### 1.1 - Ny olompirenena

Raha ny tantara no todihina, ny hoe “olompirenena” dia teny niantsoana ireo mponina tany amin’ny tanàna grika fahizany izay nanan-jo hifidy ka afaka nandray anjara tamin’ny fanapahan-kevitra noraisina teo an-tanàna. (500-400 taona talohan’i Jesoa Kristy)

Voambolana fototra: mponina, tanàna, zo hifidy.

Araka ny fivoaran’ny fiarahamonina, ny olompirenena dia:


- ny olona mizaka ny zom-pirenena iray,
- ny olona izay azo fantarina ny mombamomba azy : anarana, kôpia nahaterahana, karapanondrom-pirenena, …
- ny olon’ny fifandraisana ;

### 1.2- Ny Maha Olompirenena

Ny Maha Olompirenena dia toetra na fahefana eken’ny lalàna ho an’ny olompirenena iray. Mampitovy ny olompirenena ao amin’ny fiarahamonina sy/na firenena iray izy. Mifamatotra tsy afa-misaraka amin’ny Maha Olompirenena ny zo sy adidy ary andraikitra ka anisan’izany ny fandraisana anjara mavitrika amin’ny fiainan’ny fiarahamonina.

<u>Ohatra:</u> Miatrika ny fivoriambem-pokonolona, mandray anjara amin’ny asam-pokonolona.

Anisan’ny zo tsara asongadina eto ny zo Maha Olompirenena sy ny zo politika.





**Araka ny hevitrao, inona no mampiavaka ny mponina sy ny olompirenena?**



# OLOM-PIRENENA MIROTSAKA AN-TSEHATRA


## IREO ENDRIKA ISEHOANY :






*Fitantanana ny fananana iombonana sy Fikajiana ny tontolo iainana*

*Firotsahana anaty fikambanana manao asa sosialy*





*Miasa an-tsitrapo tsy miandry tambiny na valiny, manolo-tena sy mahafoy fotoana*

*Manetsika ny hafa hirotsaka an-tsitrapo hampandroso ny fiaraha-monina*

*Mandray anjara satria manana tanjona tiana ho azo*

*"Olom-pirenena mirotsaka an-tsehatra sy mikatroka, mikatsaka ny hampandrosoana ny fiaraha-monina misy azy"*

## Dinidinika 2 : Ny zo sy adidy ary andraikitry ny olompirenena

Betsaka ireo zo sy adidy ary andraikitry ny olompirenena. Santionany amin'izany ireo izay hotanisaina manaraka etoana. Irariana ny mba hanaovan'ny olompirenena tsirairay ezaka hamaky ireo tahirin-kevitra mirakitra ny zo sy adidy ary andraikitra ireo.

### 2.1 - Ireo zon'ny olompirenena

Indreto ny zon'ny olompirenena amin'ny ankapobeny, iombonan'ny Malagasy rehetra, araka ny voasoratra ao amin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara:

- Fahalalahana samihafa toy ny fahalalahana maneho hevitra sy miteny, ny fahalalahana hiditra anaty fikambanana sy mivory, ny fahalalahana amin'ny finoana ary ny fahalalahana manao gazety (Andininy faha-10),
- Zo hahalala vaovao (Andininy faha-11),
- Zo hivezivezy eto an-toerana sy any ivelany (Andininy faha-12),
- Zo harovana amin'ny herisetra eo amin'ny tenany, ny fonenany ary ny tsiambaratelon'ny fifandraisany (Andininy faha-13),
- Zo mitovy ho an'ny olompirenena eo anatrehan'ny Lalàna sy ny Fitsarana (Andininy faha-13),
- Zo hivondrona anaty fikambanana sy hanangana antoko politika (Andininy faha-14),
- Zon'ny vitsy an'isa ny manohitra (Andininy faha-14),
- Zo sy adidy momba ny toekarena, ny sôsialy ary ny kolontsaina (Andininy faha-17 ka hatramin'ny faha-40);

### 2.2 - Ireo adidin'ny olompirenena



- Mifidy ary milatsaka hofidina,
- Mahafoy fotoana sy vola ho an'ny fiarahamonina,
- Manaja ireo olona tsy mitovy hevitra amin'ny tena,
- Mikaroka sy manara-baovao,
- Mitsikera sy manohitra ary manarina ny tsy mety ;

## 2.3 - Ireo andraikitry ny olompirenena



- Mandoa hetra,
- Manaja ny fitsipika sy ny lalàna,
- Mandala ny soa iombonana,
- Manaja ny fananana iombonana
- Mikajy ny tontolo iainana ;

Tsara ny manamarika fa ny andraikitra dia asa tsy maintsy ataon'ny olompirenena iray (jereo 4.3). Ny adidy kosa dia asa tokony hatao ka manan-tsafidy ny olompirenena manoloana izany na hanatontosa na tsia.

## Dinidinika 3: Ny zo sy adidy ary andraikitry ny olompirenena tantsaha

Ankoatra ireo zo sy **adidy ary** andraikitra iombonana amin'ny maha samy olompirenena dia misy ireo izay heverina ho zo sy adidy ary andraikitra manan-danja manokana ho an'ny olompirenena tantsaha.

Ireo zo manan-danja manokana:

- Hiaina ao anaty fandriampahalemana mba hahafahana miasa sy mamokatra,
- Hiaina ao anaty tontolo mirindra sy madio ary voakajy,
- Hisotro rano madio sy hahazo herin'aratra na angovo hafa hanampy amin'ny fampandrosoana,
- Hanana lalana tsara hahafahana mifandray sy mamoaka ny vokatra,
- Hahazo vaovao avy eto an-toerana sy manerantany, …;

Ireo adidy aman'andraikitra takina amin'ny olompirenena tantsaha mba hahafahany misitraka ireo zony ireo :

- Mikajy ny tontolo iainana : ezaka fambolen-kazo,
- Miray hina amin'ny fiarovana ny Fandriampahalemana,
- Mikojakoja ny lalana efa misy,
- Miara-mikaroka loharanon'angovo vaovao ;

# Dinidinika 4: Ny Maha Olompirenena tompon'andraikitra

## 4.1 - Famaritana ny andraikitra

Ny **andraikitra** dia asa tsy maintsy atao eo amin'ny sehatra iray ka ahazoana valisoa ny fahavitana azy ary mahavoasazy ny tsy fanatanterahana azy.

Noho izany, maneho ny Maha Olompirenena mavitrika sy tompon'andraikitra ny fanefana andraikitra.

## 4.2 - Ireo antony miteraka ny andraikitra

Santionany amin'ireo antony miteraka andraikitra ireto :

- Ny Maha Olompirenena,
- Ny Fifanekena,
- NY Fanendrena,
- Ny Fahalaniana amin'ny fifidianana
- Ny Asa, ny anjara toerana, na sata ao amin'ny fiarahamonina,
- Ny Lalàna;

## 4.3 - Andraikitra mifanindry

Miverimberina eo amin'ny andavanandrom-piainan'ny olompirenena ny andraikitra mifanindry na mifanatrika. Izany hoe, amin'ny fotoana iray, misy andraikitra roa na maromaro miandry hoefain'ny olompirenena iray.

Ohatra: mifanindry amin'ny andro iray ny fisian'ny jama (lanonana) ao an-tanàna sy ny dinidinika andraisan'ny SVOP anjara any amin'ny Kaominina. Aiza àry no haleha?

> Tsy maintsy efaina ny andraikitra, noho izany aleo ahena araka izay tokony ho izy mba ho azo tanterahina avokoa.

> Raha tsy maintsy hanefa andraikitra iray amin'ny roa mifanindry, dia ny andraikitra miteraka fatiantoka kely kokoa raha tsy tanterahina, na ny andraikitra ahazoana vokatsoa bebe kokoa ho an'ny fiarahamonina sy/na ho an'ny olompirenena maro kokoa raha tanterahina no safidina.

## 4.4 - Ny olompirenena tompon'andraikitra

- Ny olompirenena tompon'andraikitra dia :

- ny olompirenena resy lahatra fa manana andraikitra efaina,
- ny olompirenena maneho amin'ny fihetsika sy fitondrantena ny maha-tompon'andraikitra azy
- ny olompirenena mahay mandanjalanja manoloana ny andraikitra mifanindry,
- ny olompirenena mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ary miantoka ny fampandrosoana maharitra.



## Dinidinika 5: Ny olompirenena mirotsaka an-tsehatra na mikatroka

### 5.1 - Olompirenena mirotsaka an-tsehatra na mikatroka

Somary sarotra ho an'ny olompirenena ny hevitry ny teny hoe mirotsaka an-tsehatra satria vitsivitsy ihany ny Malagasy no efa mpirotsaka an-tsehatra na mpikatroka any amin'ny fikambanana, ao amin'ny fiarahamonina, any am-piangonana ary eo amin'ny firenena.

Mirotsaka an-tsehatra na mikatroka ny olompirenena iray, izany hoe:

- manolo-tena an-tsitrapo,
- miasa tsy miandry tambiny na valiny,
- mahafoy fotoana sy vola aman-karena,
- mandray anjara satria manana tanjona tian-kotratrarina : fampivoarana, fampandrosoana, fikatsahana ny soa imbonana …

Mirotsaka ao amin'ny fiarahamonina na eo amin'ny sehatra iray ny olompirenena satria:

- te hanova (mitsikera mba hanarina),
- te hanohana ireo mpitondra isan-tsokajiny,
- te hampandroso ;

### 5.2 - Endrika samihafa maneho ny firotsahan'ny olompirenena ao amin'ny fiarahamonina sy ny Kaominina

Maneho ny maha Olompirenena tompon'andraikitra sy liam-pandrosoana ny firotsahana sy ny fikatrohana.



Indreto misy endrika isehoan'ny firotsahan'ny olompirenena eo anivon'ny fiarahamonina sy ny Kaominina:

- Miasa maimaimpoana amin'ny sehatra samihafa toy ny fahasalamana, fanabeazana, vonjy voina, fanampiana ireo zokiolona, fitantanana ny fananana iombonana ;
- Manolo-tena an-tsitrapo hikojakoja ny lalana,
- Miasa an-tsitrapo amin'ny fikajiana ny tontolo iainana (mamboly hazo, teknisianina an-tsitrapo manazava ny teknikam-pambolena), ny fizahantany ary ny fampandrosoana,
- Manetsika ny olompirenena hirotsaka an-tsitrapo hampandrosoana ny fiarahamonina sy ny Kaominina,
- Manazava ny Demôkrasia sy ny Maha Olompirenena eo anivon'ny Kaominina : amin'ny andro tsena, amin'ny alalan'ny vangivangy arahin-dinika any an-tokantrano ;

## 5.3 - Fampitahana ny firotsahana sy ny fandraisana anjara

Ny mampitovy ireo firotsahana sy fandraisana anjara ireo aloha dia samy:

- maneho ny firotsahan'ny olompirenena : fahafoizantena, fizarana traikefa,
- mikendry ny tombontsoa iombonana : ho an'ny sokajin'olona, ho an'ny fiarahamonina manontolo,
- mikatsaka fanovana sy fampivoarana,
- mikendry fampandrosoana maharitra ny sehatra iray, …;



Ny mahasamy hafa ny firotsahana sy ny fandraisana anjara kosa dia indro ifampizarana amin'ny alalan'ity fafana manaraka ity:

| Firotsahana | Fandraisana anjara |
|---|---|
| • Manolo-tena an-tsitrapo, tsy mila tambiny,<br>• Fotoana tsy voafetra,<br>• Mahafoy maimaimpoana : vola sy fotoana,<br>• Tsy mikendry tombontsoa na vokatsoa ho an'ny mpirotsaka an-tsehatra,<br>• Sehatra irotsahana : sehatra sôsialy (Fanabeazana, Zokiolona, …) sy anaty fikambanana ; | • Mety misy tambiny,<br>• Fotoana voafaritra,<br>• Manatanteraka adidy sy andraikitra,<br>• Mahazo tombontsoa mivantana avy amin'ny tombontsoa iombonana,<br>• Sehatra midadasika : fiarahamonina, Fokontany, Kaominina ; |

## 5.4 - Fandraisan'ny olompirenena anjara amin'ny fitantanana ny Kaominina

Afaka mandray anjara tsara amin'ny fitantanana ny Kaominina ny olompirenena tompon'andraikitra, santionany ireto:

***a- Fitantanan-draharaha ankapobeny eo anivon'ny Kaominina :***

- Manolo-kevitra mba hanatsarana ny fanaovana raharaha ao amin'ny Kaominina,
- Manara-maso ny fitantanana,
- Manao tombana amin'ny fotoana ilana izany ka mankasitraka na manarina ;


***b- Fitantanam-bola eo anivon'ny Kaominina :***

- Mandray anjara mivantana na amin'ny alalan'ny solontena amin'ny fandrafetana ny tetibola,
- Mitaky ny hanaovan'ny mpitondra tatitra momba ny fitantanana ny tetibola,
- Miatrika ny fanaovana tatitra momba ny tetibola ka manome tolo-kevitra sy manatsara raha ilaina ;

# OLOM-PIRENENA MIROTSAKA AN-TSEHATRA


*IREO ENDRIKA ISEHOANY :*





*Fitantanana ny fananana iombonana sy Fikajiana ny tontolo iainana*

*Firotsahana anaty fikambanana manao asa sosialy*





*Miasa an-tsitrapo tsy miandry tambiny na valiny, manolo-tena sy mahafoy fotoana*

*Manetsika ny hafa hirotsaka an-tsitrapo hampandroso ny fiaraha-monina*

*Mandray anjara satria manana tanjona tiana ho azo*


***"Olom-pirenena mirotsaka an-tsehatra sy mikatroka, mikatsaka ny hampandrosoana ny fiaraha-monina misy azy"***

# Dinidinika 6: Ireo andraikitry ny olom-boafidy sy ny olom-boatendry

Ahitana rafitra roa miavaka tsara ao amin'ny Kaominina dia ny rafitra mpanatanteraka sy ny rafitra mpanara-maso. Ny Ben'ny Tanàna sy ny ekipany no mandrafitra ny mpanatanteraka ary ny Filankevitra Kaominaly kosa no mpanara-maso. Marihina fa misy amin'ireo tompon'andraikitra ireo no olomboafidy toy ny Ben'ny Tanàna sy ny mpanolo-tsaina ao amin'ny Filankevitra. Ao koa ny olom-boatendry toy ny lefitry ny Ben'ny tanàna. Ary ny mpiasam-panjakana tahaka ny Lehiben'ny boriborintany sy ny mpiasa raikitra samihafa.

Ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ireo mihitsy no nanao famelabelaran-kevitra momba ny andraikiny tamin'ny fanatontosana ny dinidinika ifanabeazana tany amin'ny Kaominina. Santionany amin'ireo andraikitra ireo no ampitaina manaraka etoana.

## 6.1 - Ny andraikitry ny Ben'ny Tanàna sy ny Lefiny



### *a- Ny andraikitry ny Ben'ny tanàna*

Filohan'ny birao mpanatanteraka eo anivon'ny Kaominina ny Ben'ny tanàna. Ireo andraikitry ny Ben'ny Tanàna dia voarakitra ao amin'ny Didim-panjakana laharana 96/898 nivoaka tamin'ny 25 Septambra 1996. Indreto avy àry ny andraikiny, araka ny famelabelaran-kevitra natao momba izany nandritra ny dinidinika ifanabeazana.

- Tompon'andraikitra amin'ny fampandehanana ny raharaha ankapobeny eo anivon'ny Kaominina, (…)

*(Ben'ny Tanàna – Kaominina Ambohimanarina Marovazaha)*

- Manatanteraka ireo fanapahan-kevitra noraisin'ny mpanolo-tsaina (tetibola, fananana),
- Misolo tena ny kaominina amin'ny fifandraisana amin'ny any ivelany
- Tompon'andraikitra amin'ny fitandroana ny fandriampahalemana, ny fahasalamam-bahoaka ary ny fisorohana ny loza,
- Miandraikitra ny sora-piankohonana sy ny fanamarinana samihafa, (…)

*(Ben'ny Tanàna – Kaominina Soavinandriana Ambohidratrimoanala)*

- Manao ny drafitrasa mandritra ny taona ho an'ny Kaominina, izay miainga ifotony isaka ny Fokontany,
- Miara-miasa amin'ireo solontenam-panjakana sy ny sampan-draharaha samihafa,
- Mandrafitra ny tahirin-kevitra milazalaza momba ny Kaominina, miainga avy amin'ny drafitrasa avy amin'ny Fokontany. (…)

*(Ben'ny Tanàna – Kaominina Alarobia)*

- Mitady mpiombona antoka sy mpamatsy vola samihafa. (…)

*(Lefitry ny Ben'ny Tanàna – Ambohitsimihozo)*

***b- Ny andraikitry ny Lefitry ny Ben'ny tanàna***

Anisan'ny mpikambana ao amin'ny birao mpanatanteraka ny lefitry ny Ben'ny tanàna. NY Ben'ny Tanàna no manendry azy ireo. Mety ho roa na iray ny isany araka ny fandaminana eo anivon'ny Kaominina.

Indreto avy ny andraikitry ny Lefitry ny Ben'ny tanàna.

- Misolo tena ny Ben'ny Tanàna rehefa tsy eo an-toerana izy.
- Miandraikitra sampan'asa araka ny fandaminana apetraky ny Ben'ny Tanàna toy ny sora-piankohonana, ny fanamarinana samihafa, ny sôsialy ary ny toekarena.

Marihina fa sady tsy afaka mitantam-bola ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna no tsy mahazo mandray fanapahan-kevitra ihany koa (décision).

## 6.2 - Ny andraikitry ny Filoha sy ny Mpanolo-tsaina ao amin'ny Filankevitra Kaominaly

Samy hafa ny andraikitry ny Filoha sy ny mpanolo-tsaina ao amin'ny Filankevitra.

***a- Ny zo sy andraikitry ny Filohan'ny Filankevitra***

- Manana zo hanara-maso ny fitantanan-draharaha sy ny fitantanana ara-bola ataon'ny mpanatanteraka izy. Io ilay atao hoe "droit de regard".

*(Filohan'ny Filankevitra – Kaominina Alarobia)*

- Miandraikitra ny fampihavanana amin'ireo disadisa samihafa ihany koa ny Filohan'ny Filankevitra. Manampy azy amin'io fampihavanana io ny Ben'ny tanàna.

*(Filohan'ny Filankevitra – Kaominina Ambohimanarina Marovazaha)*

***b- Ny andraikitry ny mpanolo-tsaina ao amin'ny Filankevitra***

Araka ny voalaza ao amin'ny Didim-pitondrana ho fampiharana ny Didim-panjakana laharana 94/007, dia indreto avy ny andraikitry ny Mpanolo-tsaina:

- Manapa-kevitra momba ny tetibola sy ny fitantanana ny fiainan'ny Kaominina,
- Manara-maso amin'ny fandraharahana eo anivon'ny Kaominina,
- Mampita ny hetahetan'ny vahoaka amin'ny mpanatanteraka,
- Manao fampihavanana ;

*(Mpanolo-tsaina – Kaominina Alarobia)*

## 6.3 - Ny andraikitry ny mpiasa raikitra ao amin'ny Kaominina

Ny mpiasa raikitra dia ireo mpiasa tsy miova na misy fifandimbiasam-pahefana aza eo anivon'ny Kaominina.

***a- Ny andraikitry ny mpirakitra ny sora-piankohonana***

- Mandraikitra an-tsoratra ireo sora-piankohonana (fahaterahana, fahafatesana, fanambadiana, fanjanahana) amin'ny boky fitanana an-tsoratra,
- Manao kôpia ireo sora-piankohonana,
- Mandefa "mention marginale" any amin'ny Kaominina niavian'ny kôpia,
- Mitahiry ny arsivan'ny sora-piankohonana ary tompon'andraikitra amin'izany. (…)

Marihina fa ny Ben'ny Tanàna no manao sonia ny rejistra sora-piankohonana sy ny kôpia voalohany ary mamarana ny boky amin'ny faran'ny taona.

*(Mpirakitra ny sora-piankohonana – Kaominina Alarobia)*

- Misahana ny fanamarinana samihafa (fahavelomana – anarana – fitondrantena),
- Manome alalana na manao fanekena na fandavana amin'ny hikapana ala,
- Manao fanamarinan-tsonia amin'ny fifanarahana samihafa,
- Manome alalana amin'ny fanorenan-trano na fasana, amin'ny famadihana ary amin'ny lanonam-pianakaviana.

*(Mpirakitra ny sora-piankohonana – Kaominina Soavinandriana Ambohidratrimoanala)*

***b- Ny andraikitr'ireo mpiasa hafa***

Misy mpiasa hafa koa eo anivon'ny Kaominina, araka ny fanendrena ataon'ny Ben'ny tanàna, toy ny mpitahiry vola sy ny mpitahiry fananana.

Indreto ny santionany amin'ny andraikitry ny mpitahiry vola:

- Manao ny fitanana an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka (vola fikirakira, banky),
- Manome ny vignette (bisikileta, sarety),
- Mandray ny hetra (trano sy tany) ary ny haba rehetra,
- Mitahiry ny vola azo tehirizina eo an-toerana araka ny fepetra.

Asan'ny mpitahiry fananana kosa ny manao fitanana an-tsoratra ny fananan'ny Kaominina mikasika:



- ny fananana monina (tany, trano),
- ny fanaka samihafa (latabatra, milina, groupe électrogène),
- ary ny fitaovana mety lany tahaka ny penina, ny ranomainty.

*(Mpirakitra ny sora-piankohonana – Kaominina Soavinandriana Ambohidratrimoanala)*

## 6.4 - Ny andraikitry ny Lehiben'ny Boriborintany

Tendren'ny Lehiben'ny Distrika amin'ny alalan'ny didy fanapahana (décision) ny Lehiben'ny Boriborintany. Tompon'andraikitra amin'ny asany eo anatrehan'ny Lehiben'ny Distrika izy ary mila manao tatitra sy mampahafantatra ny zava-misy eo amin'ny faripiadidiany.

Indreto misy santionany amin'ny andraikitry ny Lehiben'ny Boriborintany araka ny voalaza ao amin'ny Didim-panjakana laharana 2005/012 tamin'ny 11 Janoary 2005:

- Miandraikitra ny fanisam-bahoaka sy fitahirizana antontan'isa momba ny mponina ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny Ben'ny tanàna,
- Manisa sy manara-maso ny fivezivezen'ny omby izay iarahana amin'ny Zandarimaria sy ny Sefom-pokontany,
- Manao ny taratasy ilaina amin'ny fivezivezena sy famarotana omby,
- Manao karapanondrom-pirenena izay alefa soniavin'ny Lehiben'ny Distrika,
- Manao lisi-pifidianana miaraka amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Ben'ny Tanàna sy ny Sefom-pokontany ary ireo Kômity manao fanisana ny mpifidy,

- Mandray sy manangona ny hetra, sara sy tamberim-bidy miverina ho an'ny Fanjakana.

*(Lehiben'ny Boriborintany – Kaominina Alarobia)*

## 6.5 - Ny andraikitry ny Sefom-pokontany


Indreto ny asa sy ny andraikitry ny Sefom-pokontany:

- Manome fanamarinana isan-karazany izay ilain'ny olompirenena : fanamarinam-ponenana, fifindra-monina, mari-dàlana na pasipaoro,
- Manome alalana ny fikapana ala raha tsy misy olana ny tany,
- Manao fanamarinana ny taratasin'omby,
- Manao raharaham-pihavanana,
- Miantso fivoriambem-pokonolona ary manao tatitra,
- Manentana amin'ny fandoavana ny tamberim-bidy sy ny hetra,
- (Sefom-pokontany Ambohidava sy Ambohimanarivo – Ambohidratrimoanala)
- Mandray vahiny ara-panjakana,
- Miara-mivory amin'ny Lehiben'ny Boriborintany indray mandeha isam-bolana ka manao tatitra (taratasin'omby, lisi-pifidianana),
- (Sefom-pokontany Amborompotsy sy Ambonindriana – Ambohitsimihozo)
- Manao ny drafitrasa enti-mampandroso ny Fokontany,

*(Sefom-pokontany Antsahamaina – Alarobia)*

- Mandray andraikitra momba ny fampandrosoana, sôsialy, fandriampahalemana.

*(Sefom-pokontany Ampamoha sy Antanifotsy – Ambongamarina)*



## Dinidinika 7: Fifandraisana mavitrika eo amin'ny mpitondra sy ny olompirenena

Maneho ny endri-pifandraisana mavitrika eo amin'ny olompirenena sy ny mpitondra ny fiarahan'izy ireo mifampidinika sy manapa-kevitra amin'ny fitantanana ny Fokontany sy ny Kaominina.

Ao amin'ny fiarahamonina anjakan'ny Demôkrasia, toy izao ny fomba sy dingana tsara harahina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.



### 7.1 - Dingana fakana sy fanangonana hevitra :

a- Mifanatona ny olompirenena sy ny mpitondra,

b- Maka ny hevitry ny olompirenena ny mpitondra, raha toa ka efa fantatra ilay hevitra hotapahina, foto-kevitra misongadina, ireo sakana mety hitranga, fanamafisana ilay tolo-kevitra,

d- Manatona ny mpitondra ny olompirenena, na ny solontenany, ary manolotra amin'ny mpitondra izay hevitra tiany hotapahina na hampiharina,

Tsara harindra ny fotoana hakana sy handraisana ny hevitry ny olompirenena.

Anisan'ny fomba mahomby ny mametraka rafitra fifanakalozan-kevitra eo amin'ny olompirenena sy ny mpitondra mba handavorariana ny fomba fanapahan-kevitra.

### 7.2 - Dingana fifanakalozan-kevitra:

a- Manolotra ny volavolan-kevitra ny mpitondra,

b- Mizara izay heveriny ho laharam-pahamehana sy tena mahasoa azy ny olompirenena,

d- Atao anaty fifanajana sy fifampihainoana ny fifanakalozan-kevitra,

e- Kendrena mba hanana solontena ny vondron'olompirenena rehetra ;

## 7.3 - Dingana fiarahana manapahan-kevitra :

a- Miara-mikatsaka izay mahasoa ny maro an'isa ny mpanapa-kevitra,
b- Vahaolana mahomby sy maharitra ho an'ny olompirenena sy ny Kaominina no tadiavina,
d- Safidy tompon'andraikitra sy voalanjalanja no ataon'ny mpanapa-kevitra,
e- Hevitra mampiombona ary lany eran'ny maro an'isa no ampiharina,
f- Miara-mankatò ny volavolan-kevitra ny mpandray anjara ary miara-mamaritra ireo asa hotanterahina;


## 7.4 - Dingana fanantanterahana ny hevitra mampiombona:

a- Manatanteraka ny hevitra tapaka ny mpitondra, ampian'ny olompirenena araka ny fandaminana,
b- Manara-maso akaiky ny fanatanterahana izany ny olompirenena sy ny solontenany,
d- Afaka manaitra sy mampahatsiahy ny mpitondra ny olompirenena raha toa ka mivaona amin'ny nifanarahana : ny momba ny tetikasa, ny momba ny fanatanterahana azy, ny vola sy ny fitaovana ampiasaina,
e- Afaka mizara ny fivoaran'ny fanatanterahana ny tetikasa ny mpitondra fa tsy miandry ny fiafarany tanteraka.

## 7.5 - Dingana fanaovana tatitra sy tombana :

a- Manao tatitra amin'ny olompirenena sy ny vondron'olompirenena ny mpitondra amin'ny fotoana ahavitana ny tetikasa,
b- Mizara ny heviny momba ny fahavitan'ny asa ny olompirenena ka mankasitraka na maneho ny tsy fahafaham-pony,
d- Miara-mamaritra ny lesoka ilana fanarenana sy ny fanao tsara tokony hotohizana ny mpitondra sy ny olompirenena.




NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA MAHOMBY
Ezaka iaraha-mikaroka ny hevitra mampiombona
LOA-BARY AN-DASY
1
Fahasahiana maneho hevitra
2
Fahaizana mihaino, fanajana ny hevitry ny hafa
3
Fahaizana mandresy lahatra
4
Fiaraha-mikaroka hevitra mahomby
"Olom-pirenena mandray anjara feno
amin'ny fifanakalozan-kevitra rehetra,
manaiky ny fanapahan-kevitra lany eran'ny be sy ny maro"

## Dingana arahina amin'ny fandrafetana sy ny fanatanterahana ny tetikasa madinika

*Miainga amin'ny fisafidianana, mitohy amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana ary miafara amin'ny tombana sy ny fanolorana. Ireo amin'ny ankapobeny ny dingana arahina amin'ny fandrafetana sy ny fanatanterahana ny tetikasa madinika.*

*Indro àry misy toromarika omena ireo solontenan'ny olompirenena sy ny mpitondra mba hanampy azy ireo amin'ny fanatanterahana ireo dingana samihafa ireo.*

### *1 – Fisafidianana ny tetikasa madinika ao amin'ny tanàna na vohitra*

- *Fanomanana amin'ny fomba matotra ny fifanakalozan-kevitra eny an-tanàna na vohitra: fanentanana sy fanazavana.*
- *Fifanakalozan-kevitra iaraha-manadihady ireo tetikasa madinika mitondra amin'ny fampandrosoana iombonana (Tanàna/Vohitra, Fokontany, Kaominina).*
- *Fandalinana ireo mason-tsivana hisafidianana ireo tetikasa madinika.*
- *Fisafidianana amin'ny alalan'ny latsabato miafina, ireo tetikasa madinika roa (02) ao amin'ny tanàna/vohitra.*

### *2 – Fisafidianana ny tetikasa madinika eo anivon'ny Fokontany*

- *Fanomanana ny fifanakalozan-kevitra : fanentanana sy fanazavana.*
- *Fifanakalozan-kevitra iaraha-manadihady ny tetikasa madinika hiantoka ny fampandrosoana iombonana.*
- *Fandalinana ireo mason-tsivana hisafidianana ny tetikasa madinika.*
- *Fisafidianana, amin'ny alalan'ny latsabato miafina, ny tetikasa madinika telo (03) eo amin'ny Fokontany.*
- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena ireo tetikasa voasafidy.*

### *3 – Famaritana ny laharam-pahamehana eo anivon'ny Kaominina*

- *Fifampizaràna ireo tetikasa madinika lany isaka ny Fokontany.*
- *Fifanakalozan-kevitra momba ny fandrosoana maharitra iombonana sy ny mason-tsivana amin'ny fisafidianana ny tetikasa madinika.*
- *Fisafidianana tetikasa madinika telo (03) amin'ny alalan'ny latsabato miafina.*
- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena ny laharam-pahamehana.*

***4 – Fisafidianana ny tetikasa madinika eo anivon'ny Kaominina***

- *Fifampizaràna ny tatitra natao ho an'ny olompirenena.*
- *Fifanakalozan-kevitra iaraha-manadihady ny fampandrosoana iombonana sy ny mason-tsivana hisafidianana ny tetikasa madinika.*
- *Fisafidianana, amin'ny alalan'ny latsabato miafina, ny tetikasa madinika hiaraha-manatanteraka eo anivon'ny Kaominina (Tanàna – Fokontany).*
- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena.*

***5 – Fandrafetana ny tetikasa madinika iarahana amin'ny teknisianina***

- *Fifanakalozan-kevitra ho fandrafetana ny tetikasa madinika ifarimbonan'ny olompirenena sy ny mpitondra.*
- *Famaritana ny habetsaky ny asa hatao,*
- *Fikajiana ireo hoenti-manana ny tetikasa,*
- *Famaritana ny anjaran'ny isan-tsokajy amin'ny hoenti-manana,*
- *Famaritana ny fandaharanasa ankapobeny sy ny fomba fiasa.*
- *Fandrafetana ny tetikasa madinika iarahana amin'ny teknisianina.*
- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena.*

***6 - Fanangonana ny akora***

- *Fifanakalozan-kevitra momba ny fizaràna andraikitra sy ny fe-potoana amin'ny fanangonana ny akora rehetra ilaina.*
- *Fanangonana ny akora rehetra ilaina.*
- *Fanaovana tatitra an-tsoratra amin'ny teknisianina.*
- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena.*

***7 – Fanatanterahana ny tetikasa madinika***

- *Fifanakalozan-kevitra mikasika ny fizarana andraikitra sy ny drafitrasa amin'ny fanatanterahana ny tetikasa madinika.*
- *Fanatanterahana ny tetikasa madinika, ka mitantsoroka ny olompirenena sy ny mpitondra ny teknisianina.*

***8 – Fanaraha-maso sy tombana ny fanatanterahana***

- *Fanaraha-maso sy fanjohiana ny fizotra sy ny fivoaran'ny fanatanterahana ny tetikasa madinika.*
- *Fifanakalozan-kevitra iaraha-manombana ny fanatanterahana ny tetikasa madinika.*
- *Fanasongadinana ireo ezaka fanatsarana ny dingana amin'ny ho avy.*

***9 – Fanaovana tatitra***

- *Fanaovana tatitra amin'ny olompirenena ny fahavitan'ny tetikasa madinika.*
- *Fifanakalozan-kevitra momba ny asa vita, ny tombana ary ny fanatsarana amin'ny ho avy.*

***10 – Fanolorana ny tetikasa madinika***

- *Famenoana ny taratasy firaketana an-tsoratra ny fahavitan'ny tetikasa madinika.*
- *Hetsika fanolorana amin'ny fomba ôfisialy ny tetikasa madinika vita amin'ny olompirenena.*

**Taridalana ho an'ny Solontenan'ny Vondron'Olompirenena**

**amin'ny fampitana ny dinidinika ifanabeazana**

Manana andraikitra amin'ny fampitana ny dinidinika ifanabeazana amin'ny olompirenena ny Solontenan'ny Vondron'Olompirenena sy ny mpitondra. Indro misy taridalana atolotra ireo mpampita ireo mba handavorariany izany ezaka fampitana izany.

Asongadina amin'ity taridalana ity àry ireo andraikitra miandry ny solotenan'ny olompirenena mialoha, mandritra ary aorian'ny fampitana ny dinidinika.

**Ireo andraikitry ny solontenan'ny olompirenena mialoha ny fampitana ny dinidinika**

**Mialoha = Fanomanana**

Ireo fanomanana ataon'ny solontena mialoha ny fampitana:

- Mamaritra ny lohateny,
- Mamaritra ny tanjona, sahanasa sy ny vokatra andrasana amin'ny dinidinika
- Mandrafitra ny votoatin-kevitra, izany hoe ny hafatra hampitaina,
- Mamaritra ny drafitra amin'ny antsipiriany hitondrana ny dinidinika,
- Mifantina ireo fomba hampitana ny dinidinika,
- Mitsinjara ny fotoana sy ny tompon'andraikitra isaka ny lahasa,
- Mijery ireo fitaovana hampiasaina amin'ny fampitana ;

**Ireo andraikitra miandry ny solontena mandritra ny fampitana ny dindidinika**

**Mandritra = Fampitana**

Ireo anjara asan'ny solontena mandritra ny fampitana :

- Mampita ny dinidinika voaomana,
- Mampandray anjara ny olompirenena tonga miatrika ny dinidinika,
- Manara-maso ny fandraisan'ny olompirenena anjara,
- Miezaka mifehy ny fotoana ;

**Ireo andraikitra miandry ny solontena aorian'ny fampitana ny dinidinika**

**Aoriana = Tombana**

Ireo anjara asan'ny solontena aorian'ny fampitana:

- Manao tombana ny fampitana ka manadihady ny fandraisan'ny olompirenena anjara, ny fampiasana ireo fomba fampitana, ny fanatanterahana ny sahanasa sy ny lahasa, ny fitantanana ny fotoana ary ny fandraisan'ny olompirenena ny dinidinika,
- Manombana raha tratra ny tanjona napetraka na tsia: mampitaha ny vokatra azo amin'ny vokatra nandrasana
- Mamaritra ireo ezaka sy fomba fiasa hanatsarana ny fampitana manaraka.

**Ireo tetika amam-paika entin'ny solontena mampandray anjara ny olompirenena amin'ny fampitana ny dinidinika**

Anisan'ny miantoka ny fahombiazan'ny fampitana ny dinidinika ihany koa, ankoatra ny fanomanana matotra, ny fahaizan'ny mpampita mifantina sy mandrindra ireo fomba ampitana ny hafatra. Misy fomba fiasa vitsivitsy azo isafidianana. Fa mahomby kokoa ho an'ny olon-dehibe ***ny fampiasana ireo tetika sy fomba entina mampandray anjara ny olompirenena***_satria manampy azy ireo amin'ny fitadidiana ny votoatin'ny dinidinika izany ary mampivelatra ny fahaiza-manaony.

Santionany amin'ireo tetika amam-paika ireo ireto hotanisaina ireto:

- Fanontaniana/Valiny : mametraka fanontaniana ny mpampita dia mamaly ny mpandray anjara,
- Tosa-kevitra na hevitra tera-bary: samy maneho hevitra momba foto-kevitra na tranga iray ny mpandray anjara,
- Asan-tarika: fomba mahomby entina mampandray anjara ny olompirenena: omanina mialoha ny fomba hizarana ny tarika, zaraina tarika roa na maromaro ny mpandray anjara dia miara-miasa ireo olona ao anatin'ny tarika, asiana filoha mpitarika, mpitantsoratra, mpitana fotoana ary mpitondra teny hanao ny tatitra.
- Métaplan : fanehoan-kevitra mampiasa tapaka taratasy matevina mitovy habe sy mitovy endrika ary mitovy na samy hafa loko arakaraka ny tanjona kendrena,
- Fanadihadiana tranga na Dini-tranga:: maka tranga iray dia asaina hadihadin'ny mpandray anjara. Fomba anampiana ny olompirenena hanovo fahaiza-manao sy fahalalana amin'ny fanadihadiana,
- Lalao anjara asa: aseho sahala amin'ny tantara ilay tranga ka misy mpandray anjara milalao azy an-tsehatra. Fomba ampivelarana fahaiza-manao sy fahalalana,
- Sarintsarin-tranga (simulation): Atao tahaka ny hoe tena misy ilay tranga dia samy manatanteraka ny anjara asany sy andraikiny ny mpandray anjara rehetra. Ohatra: tonga ny rivo-doza, inona no tokony hatao?

Misy endriny vitsivitsy ny fomba hampitana ny dinidinika ifanabeazana amin'ny olompirenena. Ireto avy izany:

- Vangivangy arahin-dinika (VAD),
- Fampitana eo anivon'ny fikambanana samihafa,
- Fampitana ho an'ny sokajin'olompirenena (vehivavy, tanora, marefo),
- Fampitana mandritra ny fivoriamben'ny olompirenena (Fokontany, tanàna).
- Fandefasana horonan-tsarimihetsika arahina adihevitra na fifanakalozan-kevitra
- Famelabelarana arahin'adihevitra
- Fiaraha-mihaino fandaharana amin'ny radio arahin'adihevitra
- Fanatanterahana fifaninanana ara-javakanto

Araka ny efa nohamafisina etsy ambony, tena zava-dehibe ny fanomanana ny fampitana. Mandritra ny fanomanana, ilaina ny hifampizaran'ny mpampita ny fahaiza-manao sy ny traikefa ananan'izy ireo mba hanatsarana hatrany ny fomba fiasa sy ny endriky ny fampitana.

Ezaka imasoana lalandava ihany koa, ho an'ny mpampita, ny mikaroka sy mitrandraka tahirin-kevitra ary ny manatona olona heverina fa manam-pahaizana manokana afaka hanampy amin'ny asa fampitana.

